Ny firosoana amin’ny modely Fiangonana sinodaly: fanamby sy fanantenana



Synod
2021
2023

For a synodal Church

Fizaran’ny lahadinika

A. Sidina malaky ny tantaran’ny fiangonana ka nahatongavana amin’ny zavamisy ankehitriny

B. « Fiangonana synodaly (FS)» hoe?

D. Ny fanamby miandry amin’ny fanorenana ny FS (eto amintsika sy ao am’ny fiangonana ankapobeny)

E. Ny fizotry ny dinika momba ny synaoda atao amin’ny 2023

A. Sidina malaky ny tantara hitarafana ny zavamisy ankehitriny

- Lavabe ny tantaram-piangonana saingy azo zaraina ho vanim-potoana vitsivitsy, araka ny fandinihan'ny mpahalala.

1. Ny fiangonana fiandohana (*Eglise apostolique primitive*)
2. Ny fiangonana niatrika fanenjehana sy fanamby isan-karazany (Premier siècle AD – Quatrième siècle AD)
3. Fiangonana ofisialy « piramidaly »: Quatrième siècle AD –1965
4. Fiangonana miezaka miaina ny vokatry ny Konsily Vatikana faharoa (1965- ankehitriny)

Ny fiangonana apostolika « fiandohana » (Eglise apostolique primitive)

- Voalazalaza ao amin’ny Asan’ny Apostoly (ohatra Asa 2: 42-47; Asa 4: 32-35) sy ireo taratasin’i Md. Paoly
- Niezaka niaina ny firaisam-po amam-panahy (*communion*), fandraisana andraikitra am-pahavitrihana sy an-kitsimpo (*participation*) ary ny fanirahana sy asam-pamonjena (*mission*)
- Feno fahasahiana sy zotom-po ireo apostoly voalohany, nian-dahy niam-bavy tamin’ny asa famonjena
- Nahay nanao « adaptation » amin’ny zava-misy, nalala-tsaina tamin-javatra sarotra satria nihaino ny feon’ny FM: ohatra tamin’ny Konsilin’i Jerosalema momba ny Jentilisa (Asa 15: 5-29; Gal 2: 1-9)

2. Ny fiangonana niatrika fanenjehana sy fanamby (Taon-jato voalohany- fahaefatra)

- Vanim-potoana fanorenana ny fiangonana ka nandalovany fisedrana maro: fanenjehana (persecution) sy fitaran’ny hevi-diso (heresies, apostasies)
- Mafy ny fanenjehana nandritra ny vanimpotoan’ireo emperora romanina sasany (Domitien, Néron, sns.). Nisy ireo maritiry maro.
- Betsaka ihany koa ny hevi-diso niely nandritra ireo taon-jato voalohan’ny fiangonana: Pelagianisme (afaka manavo-tena ny olona ka tsy mila ny fanavotan’ny Ray), ny Arianisma (tsy mitovy laharana ny Ray sy ny Zanaka (nahitsin’ny Konsilin’i Nisea), ny resaka momba ny Fanahy Masina, sns.,

3. Ny Fiangonana ofisialy « piramidaly » (taon-jato fahaefatra – 1965)

- Tamin’ny taona 313 AD, dia namoaka didy ny emperora Constantin sy Licinius (edit de Milan) izay nanome fahafahana tanteraka ny antokom-pivavahana rehetra (tafiditra tamzany ny kristianina) hanao fanompoam-pivavahana
- Nanomboka tamin’io vanim-potoana io dia nitsimoka sy niorim-paka ny rafitra an-tanan-tohatra ao amin’ny fiangonana: ny fomba fanao (rituel sy litorjia), ny fizarazaram-pitondrana, ny fandaminana isan-karazany
- Nisy ny vanim-potoana nahazoan’ny fiangonana (sy ny mpitondra fiangonana) toerana avo sy lehibe teo amin’ny fiarahamonina
- Tany Canossa (Italia avaratra): nandoalika teo alohan’ny papa ny emperora Henri IV tamin’ny taona 1077 (*controverses des investitures*)

- Noho ny vanim-potoana ara-tantara isan-karazany niainan’ny fiangonana nandritra ny taonjato maro dia nihamafy ny rafitra (*rigidification des structures*), niha-henjana ny fifampifehezana (*disciplines doctrinales et légales*), niha-nahazo vahana ny fitantanana tsy refesi-mandidy, « voalikilika » tsimoramora ny kristianina tsotra
- Vokatr’izany: nihena niandalana ny fifanakalozan-kevitra, niha-navesa-danja ny lafiny ara-drafitra hita maso (*institution*), nihen-danja ny lafiny ara-piombonana (*église communion*), niha-adino na very tsikelikely ny maha-fiangonan’i Jesoa Kristy ny Fiangonana satria toa « tavela » tany aoriana… ny Evanjely! (sanatria ny faty alevina indray no adino!)

4.Fiangonana miezaka miaina ny Konsily Vatikana Faharoa (1963 – 1965)

- Nitondra fiovana (fikorontanana) tao amin’ny fiangonana ny Konsily Vatikana Faharoa
- Nampiova zavatra ny tahirin-kevitra lehibe sasany: *Lumen Gentium*, *Gaudium et Spes*, *Dignitatis Humanae*
- Noho ny antony maro (tahotra, tsy firaikana, fiarovana tombotsoa?) dia tsy sahin’ny papa nifandimby ny nikitika zavatra roa izay voaresaka tao amin’ny konsily: synodalité sy collégialité
- Amin’ny lafin-javatra maro dia mbola mitoetra ny toe-tsaina fiangonana piramidaly: sarotra ny manova toe-tsaina nifandovana taman-taonjato maro
- Ny mpitondra fiangonana (clérgé) dia mbola mievitra ny lahika ho « zaza/zanaka-mpanompo, » ny lahika kosa dia toa manaiky tsy sazoka io fandaminana io

B. Fiangonana synodaly hoe: ahoana ny momba izany

- Famataran’ny vanim-potoana (*signe des temps*) ny Fiangonana synodaly: efa ela no niandry ny fivelarany, ny Papa Francois no fitaovan’ny Fanahy Masina tamin’izany
- **Lojika manjotra ny FS**: ny fiverenana amin’ny lovam-panahy tamin’ny fiangonana apostolika fiandohana: fiombonana, fanirahana, fandraisana andraikitra
- Fiovana (fiofona) modelim-pikatrohana na changement de paradigme: avy amina fiangonana « piramidaly » (hiérarchique), clericaliste, doktrinaly sy legaliste, mankany amin’ny fiangonana pastoraly, prophetique sy evanjelika (miaina bebe kokoa ny vaovao mahafaly), fiombonan’antoky ny lahika sy ny clergé izay miara-misalahy an-kitsimpo amin’ny asa fanirahana

Fiangonana
- piramidaly
- Klerikalista
- Doktrinaly
- legaliste
- be rehaka
(triomphaliste)
(top down structure)



Fiangonana
- pastoraly
- Prophétique
- Evangelique
-Tsotra sy manetri-tena
- Fiombonan’antoky ny rehetra
(bottom up structure)

Eglise pyramidale

- institutionelle
- Cléricale
- Doctrinale
- légaliste
- Triomphaliste (be rehaka)

(*top down* structure)



Eglise synodale

- Plus pastorale
- Plus prophétique
- Plus évangélique
-Plus modeste
- Accentue la communion

(*bottom up* structure)

- Fifampidanjan’ny rafitra an-tanatohatra (structure verticale=hiérarchie de fonctions) sy ny rafitra mira-zotra (structure horizontale=dignité égale des baptisés)
- Mitovy zo ny kristianina rehetra, na dia eo aza ny tsy fitovizan’ny fanomezam-pahasoavana (*charisme*) araky ny voalazan’ny Konsily Vatikana Faharoa (Lumen Gentium)


Singa sasany mampiavaka ny fiangonana synodaly (FS):


1. Eglise de proximité, fanomezan-danja ny fiangonana any ifotony (Communautés écclesiales de base),


2. hanjakan’ny fifampihainoana marina (dialogue dans la vérité), ny fandanjalanjana (*discernement*)


3. hanjakan’ny fifampitsinjovana (*compassion*), ny fahatsorana (simplicité)

4. Karazana « hopitaly an-tany fiadiana » (*field hospital*) ny FS: mamonjy sy miahy ny rehetra, indrindra ireo maratra anaty, ireo tena fadiranovana sy voailikilika eo amin’ny fiarahamonina amin’ny lafiny rehetra (saritsary ataon’ny Papa François matetika io).


Papa
Kardinaly
Arseveka
Eveka
Pretra
Diakra
Sarambamben’ny kitana
(« apombolahy »
kristianina
« Top down process »


Kardinaly
Papa
Pretra
Eveka
Fianakaviana
kristinaina
Lahika lahy
sy vavy
Diakra
« Bottom up process »


Pape
Cardinaux
Archevêque
Evêques
Prêtres
Diacres
La masse des laïcs (« apombolahy » kristianina
Eglise pyramidale « Top down process »


Cardinaux
Pape
Pretres
Eveques
Familles chrétiennes
Laics et laiques
Diacres
Eglise synodale « Bottom up process »

- Teny fanalahidy roa ao amin’ny fiangonana synodaly: *synodalité* sy *collegialité*
- *Synodalité* avy amin’ny teny grika (sum-odos)= fiarahan-dalana, fiaraha-miombon’antoka, fiaraha-misalahy
- *Collegialité*= fiarahamitantanan’ny mpitondra (collégialité des eveques) saingy mankato ny Papa ho filoha (primauté du Pape)
- Fitantanana ara-panahy (gouvernance spirituelle) fa tsy fitantanana tsy refesi-mandidy (Matio 20: 20-28)
- Fiaraha-misalahy avy any ambany no miakatra (*bottom up* process) fa tsy didin-ko fe lehibe avy any ambony no midina (*top down* process)

D. Ireo fanamby miandry ny fampanjakana ny fiangonana synodaly

- Ny fombafomba sy kolontsaina ary « kolotsaim-piangonana ». Any Inde ohatra, tsy hanaiky hiara-petsapetsa amin'ny lahika sy clergé ambany firazazana (Dahlits) mihintsy ireo clergé « ambony firazanana » (Brahmanes)
- Any Vietnam: mafy be ny fotom-pinoan'i Confucius zay mandala ny rafitra an-tanan-tohatra
- Aty amintsika: ny kolontsain'ny zokiolona sy Raiamandreny, ny kolom-piaina sy kolotsaina sasany mampahazo vahana ny fitsitokotokoana sy ny « *clericalisme* ».
- Ny firaviravian-tanana sy tsy fandraisana andraikitra, indrindra eo amin'ny lahika sasany (« *assistance* » fa tsy « *participation* »)
- Ny tombotsoa isan-karazany mety ho voatohintohina, indrindra eo anivon'ny clergé

E. Ny fizotry ny dinika momba ny synaoda atao amin’ny 2023 (processus synodal)

- Nitondra fiovana lehibe teo amin’ny fiangonana ny Papa François: nanome lanja ny sinaody hatramin’ny nahatongavany teo amin’ny fiketrahan’i Piera: synaody momba ny fianakaviana (2017), synaody momba ny Amazonia (2019)
- Efa ela no noketrehin’ny Papa sy ny mpanampy azy ny amin’ny fanantanterahana ny synaody lehibe momba ny Fiangonana sinodaly ity
- Araka ny voasoratra ao amin’ny « vademecum », ny synodalité dia « *manampy ny vahoakan’Andriamanitra hizotra miaraka, hiaino ny fitsofan’ny Fanahy Masina, handray anjara amin’ny asa fanirahan’ny fiangonana ao anatin’ny fiombonana izay napetrak’i Kristy ao amintsika*. »

- Ireo dingana fito lehiben’ny momba ny fanomanana ny synaodan’ny Eveka momba ny fiangonana synodaly

1. Septambra 2021: Tahirin-kevitra fanomanana + vademecum
2. 10 Oktobra-17 Oktobra 2021: fanombohana ofisialy (any Roma sy any amin’ny diosezy isanisany)
3. Aprily 2022: Famintinan-kevitra avy any amin’ny Conferences Episcopales samihafa
4. Alohan’ny Martsa 2023: Fihaonana ara-paritra na ara-kontinenta
5. Martsa 2023: famondronana ireo tahirin-kevitra farany
6. Jiona 2023: Famoahana ny tahirin-kevitra enti-miasa (instrumentum Laboris)
7. Oktobra 2023: synodan’ny Eveka momba ny Eglizy synodaly

- Lohahevitra, teny fanalahidy telo: Fiombonana (*communion*), Firotsahana/fandraisana andraikitra (*participation*), Fanirahana (*mission*)
- Dingana fototra: mihaino ny traikefa any amin'ny Fiangonana ifotony (Eglise locale) dia ny diosezy sy paroasy
- Efa misy fifandaminana matipaika moa mba hahamora ireo fakan-kevitra any ifotony (jereo Vademecum)
- Toetra telo lehibe tokony hananana: (1) fiainoana tsara, (2) fandanjalanjana, (3) fandraisana anjara

Fihetsika sasantsasany entina mandray anjara amin’ity ezaka goavana fametrahana ny fiangonana synodaly ity

- Fanetren-tena amin’ny fihainoana
- Fifampihainoana mitondra amin’ny fanavaozana marina
- Fisokafana amin’ny fibebahana sy fiovana
- Fianarana ny fandanjalanjana (discernement) ny synaody
- Tokony alavirina ny hevitra raiki-tapisaka (prejugés) sy ny stéréotypes
- Iadiana mafy ny toetsaina « cléricaliste »
- Esorina ny toe-tsaina « mahavita irery »
- Iadiana ny ideolojia
- Omena laka ny fanantenana